



INCIPALS

Initiative Citoyenne pour la Consolidation de la Paix,
Leadership et Stabilité



FAMINTINANA IREO VAOVAO NISONGADINA NANDRITRA NY HERINANDRO TETO ANTANANARIVO SY TANY AMIN'NY FARITRA 25 – 31 MARTSA 2016

Ity tatitra ity dia famintinana amin'ny teny malagasy ireo tsara ho marihina mikasika ny fomba iresahan'ireo mpanao gazety any amin'ny faritra ireo vaovao nanamarika ny herinandro. Natao indrindra izany mba hahafahana mamantatra raha anisan'ireo izay mikendry ny fametrahana ny fampihavanana na kosa amin'ireo izay mandrangitra fikorontanana ny mpanao gazety, ka amin'ny alalan'ny fomba fiteniny sy ny fomba fiasany no amaritana izany. Ity tatitra ity ihany koa dia manampy amin'ny fanarahana akaiky ireo endrika korontana samihafa manerana ny nosy taterin'ny haino vaky jery.

MATOAM-BAOVAO

AKON'NY FANKALAZANA NY 29 MARTSA

29 martsa 1947, andro manan-tantara ho an'i Madagasikara izay namoizana tia tanindrazana maro niady ho an'ny fahaleovan-tena. Toy ny mahazatra dia nisy ireo hetsika nokarakarina vondrona samihafa ho fahatsiarovana izany andro izany. Nanamarika izany ny fametrahana fehezam-boninkazo teny amin'ny tsangam-baton'ny mahery fo teny Ambohitovo sy Mausolée. Ankoatran'ny fitondram-panjakana dia mpanao politika vitsivitsy ihany koa no nanamarika izany andro izany, anisan'izany ohatra ilay mpanao politika Saraha Georget Rabeharisoa, ny Ben'ny Tanànan'Antananarivo renivohitra Lalao Ravalomanana ary koa ny Mpanolotsaina eo anivon'ny kaominin'Antananarivo renivohitra Lalatiana Ravololomanana. Anisan'ireo nanatitra fehezam-boninkazo ihany koa ny avy amin'ny antoko Miraka Amin'ny Prezidà Andry Rajoelina (MAPAR) izay notarihin'ny loholona voafidy tao Mahajanga, ny Kolonely Lylison René de Roland. Rehefa nahatontosa ny anton-dian'izy ireo tetsy Ambohitovo izy ireo dia nihazo an'i Mausolée, ka nony tonga teny dia nosakanan'ny mpitandro filaminana avy ao amin'ny EMMOREG. Nanolotra ny taratasy fahazoan-dàlana avy amin'ny Prefektora ny mpitarika, saingy namaly ny komandin'ny EMMOREG fa fahazoan-dàlana ho an'olona iray ihany io, izany hoe ho an'ny Kolonely Lylison irery ihany. Raikitra teo ny fanapoahana baomba mandatsa-dranomaso nanaparitahana ny mpilahatra.

*Ireo fotoam-pivavahana iraisam-pinoana nokarakarina tany amin'ny faritra no nifantohan'ny haino aman-jery-panjakana, ary tsy nisy akory firesahana ilay "sakoroka" teny Antanimora. Nanao tohy vakana tao amin'ny **RNM** nandritra ny **fandaharana Ampitampitao** ny akon'ny fanamarihana ny 29 martsa tany amin'ny distrika samihafa. Tamin'izany no nilazan'ity onjam-peo ity fa nilamina avokoa ny fanamarihana tany amin'ireo toerana ivelan'Antananarivo. Ny an'ny **TVM** kosa dia ny fakana ny hevitr'ireo mpanao politika nanatrika ny fotoam-panamarihana no nataony nosongadina. Fakan-kevitra izay nirona betsaka tany amin'ny fanentanana ho amin'ny firaisan-kina sy ny fihavanana eo amin'ny samy Malagasy.*

*Ny ankamaroan'ireo haino aman-jery tsy miankina kosa dia niresaka ilay fifanandrinan'ny avy ao amin'ny MAPAR sy ny EMMOREG. Io tranga io no nifantohan'ny vaovaon'ny **RADIO ANTSIVA** ny andron'ny 30 martsa. Nisy olon-tsotra, raha araky ny filazan'ity onjam-peo ity, voan'ny baomba*

Leader du Consortium

Membres du Consortium





INCIPALS

Initiative Citoyenne pour la Consolidation de la Paix,
Leadership et Stabilité



mandatsa-dranomaso, teo ihany koa ny fahasimban'ny fitaratra alohan'ny fiaran'ny Loholona Lylison. Nisy ny fandrinitana nataon'ny mpitandro ny filaminana, hoy ihany ny **RADIO ANTSIVA**, ka nahatonga ny fisoritahana rehefa hihazo an'i Mausolée. Nandalo teny an-toerana moa ny lehiben'ny governemanta tamin'io fotoana io, saingy taorian'ny fiaingany vao nanomboka ny fanapoahana ireo baomba. Nilaza ny mpitarika ilay hetsika raha nanontaniana, fa tsy manara-dalàna ireo mpitandro filaminana notarihin'ny Jeneraly Florens Rakotomahanina, ary mangataka ny fanoloana ny fananany simba izy. Naneho ny alahelony tamin'ny zava-nitranga ireo mpihaino niditra mivantana nandritra ny **fandaharana Sehatra ho an'ny Mpihaino**. Tsy hita taratra tamin'ny fanamarihana ny 29 martsa tamin'ity taona ity ny fitiavan-tanindrazana, raha ny fanombanan'ny mpisolovava Willy Razafinjato teo amin'ny fandraisam-peon'ny **MA-TV**. Fampiderana hery no hita ka nivadika ho fifanandrinan'ny hery politika sy ny herim-pitondrana ny raharaha. Dia mbola io tranga io ihany no nifantohan'ireo niditra mivantana tao amin'ny fandaharana **Demokrasia Mivantana** ao amin'ny **RADIO PLUS**. Henatra ho an'ny Malagasy, indrindra ny mpitondra ireny Fihantsiana tsotr'izao ny vahoaka tonga teny Antanimora ireny nataon'ny mpitandro filaminana ireny, hoy ny mpihaino iray. Tokony hiala tsiny amin'ireo olona tsy manan-tsiny voan'ny entona ny komandin'ny CIRGN na ny Praiminisitra tenany mihitsy. Ny fahitalavitra **VIVA TV** indray dia naneho ny fahagagany ny amin'ny fanakanan'ny Prefektora ireo hetsika tiana hotanterahina eo amin'ny kianjan'Ambohitovo izay "efa tsy kianjan'ny Demokrasia intsony". Somary mahagaga ny zavamis, hoy ihany ity fahitalavitra ity, satria toa mifanohitra amin'izany no voalazan'ny Ben'ny Tanàna. Ankoatra izay, naka ny hevitra ny olon-tsotra ihany koa ny **VIVA TV** mahakasika ny fihetsiky ny EMMOREG. Tamin'izany no nanambaran'ireo fa tsy mahagaga intsony izany fa efa mahazatra ny toy izao. Namafisin'ilay fahitalavitra fa efa fomban'ny fitondrana Rajaonarimampianina mihitsy ny mampiasa herim-pamoretana.

Nokianin'ny **FREE FM** mafy ny fihetsiky ny Jeneraly Florens Rakotomahanina izay nolazainy fa tsy mahay mandrindra ny filaminam-bahoaka akory. Ankoatr'izay dia nasiany resaka ny fanomezan-dalàna nomen'ny Prefektoran'ny polisy ho an'ny diaben'ny frankofonia. Miha mahazo faka hatrany ny didi-jadona eto Madagasikara raha ny fahitan'ny **FREE FM** azy. Fakana ny hevitra ny olon-tsotra ihany koa no nataon'ny **KOLO TV**. Maro ireo nanakiana ny fihetsiky ny mpitandro filaminana. Ao ihany koa anefa ireo izay nahita taratra sahady fa endriky ny korontana mety hisy eto amin'ny firenena ireny, satria dia ireo mpikarama an'ady avy amin'ny fitondrana teo aloha sy ny an'ireo an'ny mpitondra ankehitriny no nifanandrina. Ankoatra izay dia namaky ny fanambarana avy amin'ny antoko Malagasy Miara-Miainga izay nanameloka ireny fihetsiky ny EMMOREG ireny ihany koa ny fahitalavitra.

Nitatitra ihany koa ny fankalazana ny faha-29 ny volana martsa ny **RMA**. Tamin'izany no nanambaran'Andriamatoa Raymond Andriamanantena avy ao amin'ny antoko Otrik'afô fa tsy mazava mihitsy ny politikan'i Frantsa eto Madagasikara. Fomba iray entiny hametrahana paik'ady handangolangona ny mpitondra tsy hitaky ireo nosy kely Eparses ny fandraisan'i Madagasikara ny Fihaonana an-tampon'ny tany miteny ampahany na manontolo ny teny frantsay.

Nanamarika ity andro ity ihany koa ireo antoko politika tany Antsiranana. Fanadiovana ny zaridainan'ny Caëlla sy ny manodidina no nataon'ny avy ao amin'ny MAPAR, ny Tanora malaGasy Vonona (TGV) sy ny Komity Mpanohana an'i Andry Rajoelina (CS-ANR). Nanala ireo fako teny amin'ny dabam-pako ry zareo ary nandoko ihany ireo seza tao amin'ity zaridaina ity. Nandrindra

Leader du Consortium

Membres du Consortium





INCIPALS

Initiative Citoyenne pour la Consolidation de la Paix,
Leadership et Stabilité



izany hetsika rehetra izany ny mpandrindram-paritry ny MAPAR, Jocelyne Maxime. Tetsy andanin'izany dia fotoam-pivavahana iraisam-pinoana no nokarakarain'ny FFKM tany Anivorano Avaratra, Antsiranana II. Avy eo dia nisy ny fametrahana voninkazo teny amin'ny tsangam-baton'ireo mahery fo. Nandray anjara tamin'izany ireo olo-manan-kaja maro sivily sy miaramila, notarihin'ny Lehiben'ny distrika Rabenandriamanitra. (TV VARATRAZA)

DINGAN'NY FIFIDIANANA

FANOMANANA NY FIFIDIANANA: MANDALO ETO AMINTSIKA NY SOLOTENAN'NY FIRENENA MIKAMBANA

Mandalo eto amintsika ary haharitra hatramin'ny tapaky ny volana aprily ny solotenan'ny Firenena Mikambana tarihin'Andriamatoa Simon Pierre Nanitelamio. Hamantatra ireo endrika tsy fetezana rehetra nandritra ireo fifidianana farany nifandimby no anton-dian'izy ireo. Mikasa ny hihaona amin'ireo mpanao politika samihafa eto amin'ny nosy ry zareo, hanombanana izay mety ho filan'i Madagasikara amin'ny fifidianana ho avy.

Nanontany ny hevitra ny Filoha teo aloha Marc Ravalomanana mikasika ny fahatongavan'ireo delegasiona ireo i **KOLO TV**. Somary tara kely ry zareo, hoy ity mpanao politika nanorina ny antoko **TIM** ity. Tokony ho efa talohan'ny fifidianana loholona mantsy, hoy izy, no nanao izao tombana izao ny Firenena Mikambana. Nanamafy kosa Andriamatoa Simon Pierre Nanitelamio fa noho ny fangatahan'ny fanjakana malagasy no nahatongavan-dry zareo. Raha araka ny tatitry ny **MA-TV** dia nihaona manokana tamin'ny filohan'ny delegasionan'ny Firenena Mikambana i Marc Ravalomanana. Nambaran'ito farany fa nifantoka betsaka tamin'ny fiainam-pirenena sy ny fiainan'ireo antoko politika malagasy ny ady hevitra, nanontany ny endriky ny fifandraisan'ny antoko **TIM** sy ny **MAPAR** ihany koa Andriamatoa Simon Pierre Nanitelamio; samy miasa ho an'ny tombontsoam-pirenena ny roa tonta hoy Andriamatoa Marc Ravalomanana. Mbola hihaona amin'ireo ankolafin-kery hafa moa ireo delegasionan'ny Firenena Mikambana ireo, ka voalaza fa nitafa tamin'ny antoko eo amin'ny fitondrana ry zareo ny zoma teo tetsy amin'ny foiben-toerany etsy Antanimena. Ny momba ny fitoniana politika kosa no tena navoitry ny antoko Hery Vaovao ho an'i Madagasikara (HVM).

Responsables de l'Unité de Monitoring des Médias :

Tiaray RANDRIAMALALA: tiaray.randriamalala@eces.eu

Mirana RAZAFINDRAZAKA: mirana.razafindrazaka@eces.eu

Site web: www.incipals.eu

Leader du Consortium

Membres du Consortium

